

Quand Jésus aime, il aime jusqu'à la fin et son œuvre est parfaite

Hoy ilay Salamo 138 :8 : « Jehovah no hahatanteraka ny amiko; Jehovah ô, mandrakizay ny famindramponao; Aza mahafofy ny asan'ny tananao ». Aza mahafofy ny asan'ny tananao.

Une fois ianao miteny hoe azonao antoka izany fa Andriamanitra no miasa hahatanteraka ny aminao ; ary faharoa, azonao antoka izany satria mandrakizay ny famindrampony, ny fakam-panahy ary ny fahadisoan-kevitra dia hoe : mipetraka fotsiny ianao mi-croiser les bras. Tsia ry havana, tsia. Ny fahafantarana an'izany hoe : Andriamanitra miasa hahatanteraka, Andriamanitra miasa hamindra fo : manosika anao hivavaka : « *Andriamanitra ô, aza mahafofy ny asan'ny tananao* ». Ilay hoe Andriamanitra miasa, Andriamanitra mamindra fo : tsy mi-replacer an'ilay vavaka andrasany aminao ; tsy mi-replacer ny vavaka izany. Au contraire, mi-accélérer vavaka. Vavaka manao ahoana ? « Aza mahafofy ny asan'ny tananao. Aza mahafofy, aza avotsitra, aza adinoina izaho, asan'ny tananao ».

Andriamanitra ry havana, rehefa miasa, rehefa mamorona : asan'ny tanany isika, dia tsara, parfait. Manao chef-d'œuvre Izy. Haintsika tsianjery izany. Fa rehefa mijery ny fiainanao ianao an : mety tsy parfait ny fiainanao androany, mety tsy chef-d'œuvre ; ary izay no mahatonga antsika hivavaka hoe : « Andriamanitra ô, aza mahafofy ny asan'ny tananao. Fa Ianao rehefa tia, araka ny tenin'i Jesoa ao amin'ny **Jaona 13** dia tia hatramin'ny farany ». **Quand Jésus aime, il aime jusqu'à la fin et son œuvre est parfaite.** Asehoy Jesoa an, aseho ilay affection-nao. Izany ny dikan'ny hoe « Aza mahafofy ny asan'ny tananao ». « Tu vas tout mener à bonne fin ; fidèle Ianao, mamindra fo ianao, ary mandrakizay izany. Aza mahafofy ny asan'ny tananao ».

**Ny olona mivavaka hoe : « aza mahafoy ny asan'ny tananao »,
dia miteny koa hoe : « ampanekeo aho hanao ny sitraponao ; tsy
mipetrapetra-potsiny fa tena manana fo vonona hanao ny
sitraponao ».**